# NY MPAMARI-TOETRA

- Bikana sy tsara tarehy i Kemba.
  EM (milaza bika aman'endrika)
- Pelika ny tovovavy sakan-jaza
  EM (milaza fihetsika)
- Afa-panadinana ny mazoto.
  L (milaza toetra)

⇨Teny entina ilazana toetra, bika aman'endrika, fihetsika, ...

⇨ Teny afaka mitana anjara asa fototra

## Famaritana

Ny atao hoe mpamari-toetra dia teny milaza endrika amam-bika, fihetsika, toetran'olona na biby na zavatra ka afaka mitana anjara asa fototra (EM, L) sy fameno no sady tsy afa-miaraka amin'ny mpisolo tena tampisaka.

## Ny karazany

Misy karazany roa ny mpamari-toetra amin'ny ankapobeny:

### Mpamari-toetra foto-teny

Tsy azo rasaina intsony.

**Oh** : kely, faly, fohy, …

Indraindray izy dia miverin-droa

Oh: lavalava, menamena, lavidavitra, …

### Mpamari-toetra sampanteny

Amin'ny maha sampan-teny azy dia ahitana ireo karazana tsirin-teny efatra ihany

koa amin'ny mpamari-toetra :

- **Mpamari-toetra aman-tovona**

Tsy mba tahaka ny matoanteny izay ahitana tovona mivaky ny mpamari-toetra, fa tovona tsy mivaky avokoa na dia azo ampanarahina ny fifanovan'ny fotoana aza ny renifeo voalohany eo aminy.

**Ohatra :** Madio : ma-dio

Mahafinaritra : maha -finaritra

-

Indraindray anefa dia misy ny tovona tsy manaraka ny fifanovan'ny fotoana

**Ohatra :** Kahihitra : ka - hihitra

Farofy : fa - rofy

Ohatra tovona : sa-, ta-, bo-, to-, va-, ka-, do-, fa-, …

- **Mpamari-toetra aman-tovana**

Tahaka ny matoanteny dia azo tovana **-ina** na **-ana** ihany koa ny mpamari-toetra.

**Ohatra :**

voloina : volo - ina

nofosana : nofo - s- ana

vavana_ : vava – ana

- **Mpamari-toetra aman-tsofoka**

Tsy mba misy tsofoka manatevina tovona mivaky amin'ny mpamari-toetra, fa saika manatevina fototeny avokoa satria tsy misy tovona mivaky ny mpamari-toetra. Ny tsofoka dia manamafy ny hevitry ny mpamari-toetra.

**Ohatra :**

talesaka : t - al -esaka

bilitika : b - il - itika

solanga : s - ol - anga

sinaritra _: f - in - aritra

- **Mpamari-toetra aman-tsirin-teny sara-droa**

« **-ina** » mandrakariva ny tapany faharoa ary tsy mba vakiny tsy miova kosa ny tapany voalohany fa tena tovona tsy mivaky.

**Ohatra:**

Kitratraina : ki – tratra – ina

-

Kaozatina : ka – ozatr(a) – ina

-

Karakaina: ka - (ha)raka - ina